


**Jeannot Ramambazafy, mpanao gazety sy Rolly Mercia, minisitry ny Serasera notendren'i Andry Rajoelina, Filohan'ny Tetezamita, nanatanteraka iraka tany Parisy**

*« Iza moa izao no mba hilaza fa tsy mba niasa ity Rolly ity tamin'ny fampandaniana an'i Hery Rajaonarimampianina. Inona izao ny heloka mba nataoko an'izany Hery Rajaonarimampianina izany? Nefa dia resaka moa izany:* ***io dia izao sy izao satria miaraka amin'i Andry Rajoelina. Izay izany ny heloka nataoko: niaraka tamin'i Andry Rajoelina*** *. Izao fotsiny ihany ny heloka natao fa izao: na ny asa na tsy niasa ianareo nandritra ny telo taona naha-minisitra, na niasa be aza nanao ilay praopangandy, tsy* ***ilaina eo fa mandehana mandeha any*** *».*



**Mbola tsy lasa devoly aho aloha hatreto*. Fa izany vola izany amiko dia fitaovana fotsiny ihany fa tsy tanjona***

*« **Ary tsy vitan'ny mandehana mandeha any fa fanaratsiana sy fanenjehana ohatran'ny tena indray izany no devoly***
*. Ka dia manontany amin'izay aho satria volana vitsy vitsy izay no nitsanganan'ilay gouvernemanta sy dimy volana taorian'ny nitondran'ilay Hery Rajaonarimampianina ny firenena,*
***iza***
***izao no tena devoly***
*? Mba manontany amin'izay aho. Izay no mahatonga hoe mba tonga amin'izay ny fotoana isehoana tsindraindray iresahana satria manana adidy ny tena,*
***firenena tsy avela fotsiny entin'antokon'olona any anaty hady ohatra izany na inona toerana misy azy, na inona toerana misy azy,***
*fa zon-tsika olom-pirenena tsotra ary zon'ny mpanao gazety ny manao « interpellation », manao « critiques » sy ny rehetra ka tsy*
*hiambahamba isika manao izany ».*

*« Fa ho an'izay tsy nahalala, ao anatin'io fitondrana ao amin'ny «présidence» io mantsy misy gasy voatonga ka dia ampahalalàna azy fa tsy vao izao no nanaovana izany. Raha vao misy ny mibolila dia manitsy isika, ary manitsy amina fomba mivantana, tsy miambahamba, ary zavatra marina no resahina (…) ».*

*« Ilay « communication » ao anivon'ny « présidence » izany dia mikohoka mihitsy -voan'ny tiberkilaozy- mila fitsaboana any Fenoarivo fa reraka be* (io moa dia resaka tamin'ny fikarakarana ny 26 Jona 2014 izay tsy nisy fanentana ho an'ny vahoaka mihitsy, toa ity
*« Sommet de la Francophonie »*
ity)
*».*

**Ahoana ny mikasika ny fahanginan'ny filohan'ny tetezamita teo aloha amin'izao fotoana izao?**



**Minisitra izy roalahy mifanatrika amiko, mpanao gazety mandra-maty. Ary minisitry ny Tetezamita izay ezahina aratsian'ireo Hvm -izay tsy nisy tamin'izany- satria sao very fihinana eo**

*« Izaho moa izany tondroina akaiky an'i Andry Rajoelina. Nisy fotoana vitsivitsy, tato ato, tsy tafahoana, tsy tafaresaka taminy, fa na izany na tsy izany aza, mazava ny toe-draharaha: **raha vao hiteny eo ange Andriamatoa Andry Rajoelina, hiteny kely ohatr'izao fitenenan-tsika izao, dia ho tondroina indray fa dia hoe: mitady hanakorontana ny fitondram-panjakana** . Kanefa izy ihany no nampanao safidy sy nampandany an'ity Rajaonarimampianina ity. Noho izany mbola be dia be ny olona manodidina azy, tomponandraikitra isan-tokony izay afaka tsara miresaka ny momban'ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana izao. Fa tsy midika akory rehefa mangina izy (Andry Rajoelina) dia hoe tsy ny raharahiny ilay zavatra. Fa ny zava-drehetra misy fotoanany ary ny zava-drehetra koa amin'andanan-tohotra ».*





**Ka iza izao no miampanga an'i Andry Rajoelina?**

Ajanoko eo io resaka nataon'ingahy Rolly Mercia io, ny [24 Jona 2014 tao aminy radio Free Fm] io fa tonga dia hitsambikina aty amin'ny voalohan'ny volana Novambra 2016 ity isika. Ny alahady 30 Oktobra dia niverina eto an-tanindrazana i Andry Rajoelina, tsy nampilaza an'iza n'iza. Ny Talata 1 Novambra dia fantatra fa nisy zavatra nipoaka tao amin'ilay hotely A&C ao Ivato, izay Claudine Razaimamonjy ny tompony. Ny Alarobia 2 Novambra
dia io ambony io no hita eo amin'ny pejy voalohan'ilay gazety

*«La Ligne de Mire»*
izay tantanan’i Rolly Mercia izay lasa niaraka indray tamin’ilay filoha nolazainy fa devoly. Vola amina miliara no natontona namoahana io gazety io ka mila
*«*
*vokatra*
*»*
aingana na dia tsy mandeha amin'ny laoniny aza ny resaka ary na dia mampandainga ny tenany ihany aza ny mpanoratra. Fa iza aloha ny miteny fa azoazon'i Voahangy Rajaonarimampianina io Rolly Mercia io? Ny tenany ihany angaha?...




Fampihenana ny fitohanan'ny fiara
MIALA ANY NY LALAM-BE "MARAIS MASAY – BY PASS"
"Mahimahina ?"
LA LIGNE DE MIRE
LA CIBLE
Aucune volonte citoyenne
JE VEUX MAPAR !!
Convention nationale
M. Rajoelina manœuvre en coulisse


POLITIQUE
Vendredi 04 Novembre 2016
Gachette facile
PSEUDO OPPOSANTS
OPPOSITION OFFICIELLE


ANNONCE
Samedi 05 Novembre 2016
Bientôt...






vavolombelona